# 365Tantara 86.Ilay tokony ho avy!



# 86. Ilay tokony ho avy!

Nisy plombier iray nahazo antso an-tariby matetika avy amina Pasitera iray mangataka azy ho tonga hanamboatra robinet izay tsy mihidy intsony.



Tsy te hisahirana amin-javatra kely toy izany anefa izy ary niandry hanao fanamboarana hafa eny amin'ny manodidina vao handalo.



Roa volana taty aoriana, nahazo valopy avy amin'ny paositra izy, izay tsy nisy afa-tsy soratra iray misy ny fitombok'ilay pasitera ary zavatra tokana no voasoratra tao, andinin-tsoratra masina iray:

Matio 11:3, sy ny sonian'i Pasitera.

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



Mazava ho azy fa gaga izy. Ary tsy niandry, fa nitady tao anatin'ny baiboly ilay andinin-tsoratra masina:

Matio 11:3 ary novakiany:

"Hianao va Ilay ho avy, sa mbola hafa no andrasantsika?"



Ny andron'iny ihany dia voamboatra ny robinet an'i Pasitera. Ilay fanontaniana tao amin'io andininy io ilay napetrak'i Jaona mpanao batisa an'i Jesosy tamin'ny alalan'ny mpianany. Ny valin-teny nomen'i Jesosy dia tamin'ny asa mivaingana:

Nanasitrana marary sy malemy, ary nandroaka devoly ary dia nampiseho toy izany fa izy mihintsy ilay tokony ho avy. Ary Izy koa ilay tokony hiverina:

"Hiverina Aho" no fampanantenany, hitazona ny Teniny Izy. Tsy mila miandry hafa isika. Ao amin'ny bokin'i Hosea 6:3

"Mahatoky toy ny maraina ny fiposahany, dia ho avy amintsika toy ny ranonorana mivatravatra Izy"